# Mofonaina Talata 13 aogositra 2024 – Estera 4.6-17

## Estera 4:16

### Manamasina ny tenany ny mpino

1. **Mankato ny Tompo ao anatin'ny fotoan-tsarotra "Mandehana ary…"**
   - Estera nankato an'i Mordekay.
   - Tsarovy ny fankatoavan'i Jesoa Kristy tao Getsemane.
   - *Fanontaniana ho an'ny fisaintsainana:* Efa nahatsiaro ve ianao fa nisy fotoana nandavanao ny sitraponao ka nirosoanao tamin'ny fankatoavana ny sitrapon'Andriamanitra na dia tena sarotra aza izany?

   **Manamasina ny tenany ny mpino: feno fankatoavana.**

2. **Mivavaka sy mifady hanina "Mifadia hanina…"**
   - Estera niantso vavaka sy fifadian-kanina.
   - Tsarovy ny tenin'i Jesoa manao hoe: "Iny karazana iny tsy mivoaka raha tsy amin'ny fivavahana sy ny fifadian-kanina ihany."
   - Efa nifady hanina ve ianao raha niatrika sarotra na mihevitra ny hifady hanina manoloana ny loza mitatao (eo amin'ny fiainanao manokana na eo amin'ny firenena misy anao)?

   **Manamasina ny tenany ny mpino: feno vavaka sy mifady hanina.**

3. **Maharitra sy miray hina "hateloana andro sy alina"**
   - Estera niantso faharetana sy firaisan-kina'ny tao an-dapa sy ny vahoaka.

- Tsarovy fa mampiombona antsika amin'ny fivavahana Jesoa Kristy raha nampianatra ny vavaka "Rainay izay any an-danitra."
- Impiry izao ianao no niara nanonona ny vavaka nampianarin'ny Tompo tamin'ny zanak'Andriamanitra dia ny Fiangonana? Inona no antenainao rehefa miara-manonona ny vavaka nampianarin'ny Tompo isika?

**Manamasina ny tenany ny mpino: Maharitra sy miombona amin'ny fivavahana.**

## Fehiny :

Mahereza manamasina-tena ao anatin'ny fankatoavana sy ny vavaka ary ny fiombonana.

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra.

Amena.

Manonona ny Fahasoavan'ny Tompo. (MFT)